



FIADIDIANA NY REPOBLIKA

FAMPITAM-BAOVAO

Ambovombe, Ampanihy, Betioky, Amboasary Atsimo, Tolagnaro no namaranan'ny Filoham-pirenena ny fitsidiham-paritra nataony ny 25 mey 2019. Tsy ho diso anjara amin'ny asa fampandrosoana ny faritra atsimon'ny nosy ary laharam-pahamehana ny fametrahana ny fandriampahalemana maharitra amin'iny faritra iny. Napetraka any an-toerana noho izany ny fiara 4X4 blindé ary asiana « détachement spécial » hitandro ny filaminana. Nohamafisin'ny filoha Andry Rajoelina ny fanamboarana ireo fotodrafitsara izay mipàka mivantana amin'ny filàn'ny vahoaka any an-toerana. Anisan'izany ireo lalàna RN10, RN13, RN12A sy ireo tetezana rehetra izay atomboka tsy ho ela ny asa. Tahaka ireo tanora rehetra manerana ny nosy, maniry ny hanangana tetikasam-pandrosoana, dia afaka misitraka any fandaharanasa Fihariana ihany koa ireo tanora avy amin'iny faritra atsimo rehetra iny. Namerina hatrany ny Filoham-pirenena fa tsy maintsy miazakazaka ny firenena iray manontolo hahatratra izay fahatarana tao anatin'ny 58 taona izay ary hiaraka hiasa ny rehetra ho an'ny fampandrosoana maharitra an'i Madagasikara.

Sampan-draharahan'ny Serasera sy ny Fifandraisana
25-05-2019